REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# NY FILOHAN'NY REPOBLIKA

************

ANDRIAMATOA PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,
RAMATOA SY ANDRIAMATOA MINISITRA ISANY,
ANDRIAMATOA SEKRETERAM-PANJAKANA ISANY,
ANDRIAMATOA MINISITRA LEFITRA,

**ANTONY** : Fanafainganana ny **fanatanterahana ny Velirano faharoa mifandraika amin'ny fampisitrahana rano fisotro madio ho an'ny rehetra.**

*Ny fisitrahana rano fisotro madio sy fanadiovana dia zo fototra neken'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana tamin'ny 28 jolay 2010.*

*Tamin'ny 2018, notombanana ho 44,5%, ny tahan'ny fisitrahana rano fisotro madio teto Madagasikara. 36%n'ireo faritra ihany no nanana tahan'ny fisitrahana rano fisotro madio ambonin'ny salan'isa nasionaly. Ny Faritra Atsimo Atsinanana (8,9%), Melaky (11%), Sofia (11,7%), ary Vatovavy Fitovinany (13,8%) no faritra tena sahirana indrindra amin'ny fahafaha-misitraka rano fisotro madio.*

*Maro ireo Malagasy tsy mbola misitraka rano fisotro madio, izany dia miteraka olana ara-pivelomana mifandray amin'ny sakafo, fidiovana sy fahasalamana.*

*Izany no hanomezako toromarika ny Governemanta mba hijery vahaolana maharitra amin'izany olana amin'ny tsy fahafahan'ny antsasa-manilan'ny Malagasy misitraka rano fisotro madio izany.*

*Noho izany, ny tanjona napetrako amin'ny fampitomboana ny fampisitrahana rano fisotro madio ho an'ny mponina no dingana voalohany amin'ny fanatanterahana ny Velirano faharoa « Angovo sy rano fisotro madio ho an'ny rehetra » sy ny Tanjon'ny Fandrosoana Maharitra faha-enina « Miantoka fampisitrahana rano sy fanadiovana ho an'ny rehetra sy fitantanana maharitra an'ireo loharanon-drano ».*

*Ireo tetikasa sy fandaharan'asa eo amin'ny sehatry ny rano sy ny fanadiovana notanterahina, mifanaraka amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, dia manamafy ireo fandraisantsika andraikitra amin'ny fiantohana famatsiana rano fisotro madio sy amin'ny vidiny mora ho an'ny mponina.*

*Hanatrarana izany tanjona izany, dia manome toromarika ny Governemanta aho, hanolotra fandaharan'asan-drano vonjimaika mba hampisitrahana rano fisotro madio ny 60%n'ny mponina an-tanàn-dehibe sy any ambanivohitra hatramin'ny taona 2023.*

*Ny Governemanta ihany koa dia tokony hijery sy hanaraka ny politika ara-jeografian'ny rano eo amin'ny antonony sy lavitra ezaka mba hanatanterahana ireo politikam-panjakana izay ahafahana mametraka fitantanana mahomby sy maharitra an'ireo loharanon-dranontsika. Ilaina ny mikajy sy mitahiry ireo efa ananana sy manatanteraka ireo tetikasa misandratra eo amin'ny sehatry ny rano mba hanatsaràna tsy ankiato ny kalitao sy ny habetsak'ireo tolotra omena amin'ny resaka rano sy fanadiovana.*

*Tsy maintsy tanterahin'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana ireo tetikasa efa voasoritra, ary tohizany ireo ezaka efa natomboka niaraka amin'ireo Mpiaramiombon'antoka ara-tekinika sy ara-bola rehetra mba hiantohana, tsikelikely, fampisitrahana rano fisotro madio ho an'ny mponina. Ireto tetikasa manaraka ireto dia tokony hatao laharam-pahamehana ny famitàna azy, araka ny tetiandro efa napetraka :*

1. ***Tetikasa fitahirizan-drano any amin'ny Faritra miisa 12 (Amoron'i Mania, Analamanga, Androy, Anosy, Atsimo Andrefana, Bongolava, Haute Matsiatra, Ihorombe, Itasy, Melaky, Menabe et Vakinankaratra)*** *mba hahafahana miatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro ;*
2. ***Tohizana ny fanatanterahana ny paikadim-panavaozana izay efa nankatoavina tamin'ny Filankevitry ny minisitra mifandraika amin'ny vidin-drano ho an'ireo sokajy sosialy marefo ;***
3. ***Tohizana ny fanatanterahana ny paikady amin'ny fandatsahana orana, nankatoavina tamin'ny Filankevitry ny minisitra mba hisorohana ny tsy fisian-drano ;***
4. ***Raisina ireo fepetra rehetra mba hanajàna ireo tetiandrom-panatanterahana ireto tetikasa*** *manaraka ireto : JIRAMA WATER III, PAAEP, PIAA2, GESDA, PIPELINE EFAHO, Pipeline MANDRARE-SAMPONA, extension du pipeline AMPOTAKA, pipeline BEMANBA-ANTARITARIKA, ireo toeram-pitsinjarana rano azo ampiasaina amin'ny zavatra maro, ireo vovon-drano lalina manana tosika betsaka (forages à haut débit), ireo AEP any amin'ireo tanàn-dehibe (Diego, Fianarantsoa, Mahajanga) sy ireo AEP any amin'ireo Distrika any Atsimo ;*
5. ***Manatanteraka tetikasan-drano any ambanivohitra hamatsiana rano ireo toerana tsy andalovan'ny fantsona lehibe any Atsimo ;***
6. ***Manatsara ny fahatomombanan'ny rano sy ny herinaratra eny anivon'ireo tobim-pamokarana ranon'ny Jirama.***

*Hasaiko ihany koa ireo mpikambana rehetra hafa eo anivon'ny Governemanta mba handray anjara feno amin'ny fanatanterahana ny tanjona izay napetrako amin'ny resaka fampisitrahana rano fisotro madio hatramin'ny taona 2023, sy hanolotra ahy ny antotan-taratasy fanaraha-maso isam-bolana ny fivoaran'ny fanatanterahana izany.*

*Andriamatoa Praiminisitra, Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny governemanta, manasa anareo aho hanao ny ezaka rehetra mba hampisitrahana ny vahoaka malagasy rano fisotro madio hatramin'ny taona 2023, mba hisian'ny fihatsaram-piainan'ireo mponina any ambanivohitra sy an-tanàn-dehibe.*

*Antananarivo faha 01 jona 2022,*

***Ny Filohan'ny Repoblika***

**Andry RAJOELINA**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE**

************

MONSIEUR LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT,
MESDAMES ET MESSIEURS LES MINISTRES,
MESSIEURS LES SECRETAIRES D'ETAT,
MONSIEUR LE VICE-MINISTRE,

***OBJET*** *: Accélération de* ***la mise en œuvre du Velirano N°2 relatif à l'accès à l'eau potable pour tous.***

*L'accès à l'eau potable et à l'assainissement est un droit fondamental reconnu par l'Assemblée Générale de l'Organisation des Nations-Unies en date du 28 juillet 2010.*

*En 2018, le taux d'accès à l'eau potable à Madagascar, toutes sources confondues, était estimé à 44,5%. Seuls 36% des régions avaient des taux d'accès à l'eau potable au-dessus de la moyenne nationale. Les régions d' Atsimo Atsinanana (8,9%), Melaky (11%), Sofia (11,7%), et Vatovavy Fitovinany (13,8%) sont les régions les plus défavorisées en matière d'accès à l'eau potable.*

*La majorité des Malagasy n'a pas accès à l'eau potable, ce qui engendre des difficultés de survie humaine liées à l'alimentation, à l'hygiène et à la santé.*

*Cette situation m'interpelle à instruire le Gouvernement à trouver des solutions durables au problème d'accessibilité à l'eau potable de plus de la moitié de la population Malagasy.*

*Ainsi, l'objectif d'accroître le taux d'accès à l'eau potable de la population Malagasy que j'ai fixé constitue la première étape de notre engagement de réaliser le Velirano n°2 « L'énergie et l'eau potable pour tous » et l'Objectif de Développement Durable numéro 6 « Garantir l'accès de tous à l'eau et l'assainissement et assurer une gestion durable des ressources en eau ».*

*Les projets et programmes dans le secteur de l'hydraulique et de l'assainissement initiés conformément à la Politique Générale de l'Etat, confortent nos engagements à garantir un approvisionnement en eau potable et à un coût abordable pour toute la population.*

*A cet effet, j'exhorte le Gouvernement à me proposer un programme hydraulique d'urgence pour réaliser un taux d'accès à l'eau potable de 60% au moins pour les populations urbaines et rurales de notre pays à l'horizon 2023.*

*Le Gouvernement doit aussi se positionner face à la géopolitique de l'eau dans le moyen et le long termes afin de mettre en œuvre des politiques publiques qui permettent une gestion efficace et durable de nos ressources en eau. Il nous faut capitaliser les acquis et aussi réaliser des projets émergents dans le secteur de l'hydraulique pour améliorer sans cesse la qualité et la quantité des services fournis en matière d'eau et d'assainissement.*

*J'enjoins le Ministère de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène à concrétiser les actions déjà identifiées, à poursuivre les efforts entrepris en collaboration avec tous les Partenaires Techniques et Financiers pour assurer, étape après étape, l'accès à l'eau potable pour toute la Population. En priorité, les projets suivants doivent être achevés suivant le planning déjà établi:*

1. ***Projet de stockage d'eau dans 12 Régions (Amoron'i Mania, Analamanga, Androy, Anosy, Atsimo Andrefana, Bongolava, Haute Matsiatra, Ihorombe, Itasy, Melaky, Menabe et Vakinankaratra)** pour s'adapter au changement climatique;*
2. ***Poursuivre la mise en œuvre de la stratégie de réforme déjà adoptée en Conseil des Ministres sur la tarification de l'eau en faveur des couches sociales vulnérables** ;*
3. ***Poursuivre la mise en œuvre de la stratégie de pluie provoquée adoptée en Conseil des Ministres pour anticiper la pénurie d'eau ;***
4. ***Prendre toutes les mesures pour le respect des planning d'exécution des projets** suivants : JIRAMA WATER III, PAAEP, PIAA2, GESDA, PIPELINE EFAHO, Pipeline MANDRARE-SAMPONA, extension du pipeline AMPOTAKA, pipeline BEMANBA-ANTARITARIKA, les points d'eau multi usages, les forages gros débits, les AEP des grandes villes (Diego, Fianarantsoa, Mahajanga) et les AEP des districts dans le Sud.*
5. ***Mettre en œuvre un projet hydraulique rural pour l'approvisionnement en eau des zones non couvertes par les pipelines dans le Sud ;***
6. ***Améliorer la sécurité hydraulique et électrique des sites de production d'eau de la JIRAMA.***

*J'invite également tous les autres membres du Gouvernement à s'impliquer dans la réalisation de l'objectif que j'ai fixé en matière d'accès à l'eau potable pour 2023 et à me soumettre un tableau de bord de suivi mensuel de la progression de sa réalisation.*

*Monsieur Le Premier Ministre, Mesdames et Messieurs les membres du Gouvernement, je vous invite à relever le défi de l'accès à l'eau potable de la population Malagasy à l'horizon 2023, pour un meilleur bien-être de nos populations rurales et urbaines.*

*Antananarivo, le 01 juin 2022,*

**Le Président de la République**

***Andry RAJOELINA***